# FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA

**26 FEBROARY – 3 MARSA 2016**

---

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

## MATOAM-BAOVAO

### RAHARAHA TOERAM-PITRANDRAHANA VATOSOA ANY ANJOZOROBE

Mihantsy ady amin'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina ary nanakiana mafy ny fanaparam-pahefany sy ireo akaiky azy ny zanak'Androy, antony dia ny filazana fa namono nahafaty Tandroy iray tao amin'ny toeram-pitrandrahana vatosoan'Ankaraoka, Anjozorobe ny mpiambina avy ao amin'ny fiadidiana any repoblika izay niaraka tamin'ny zanaka lahimatoan'ny Filoha tany an-toerana. Raha araka ny vaovao nampitain'ireo zanak'Androy dia nidina tany Ankaraoka ity farany sy ny mpiambina azy mba haka ilay toeram-pitrandrahana. Nisy ireo mpitrandraka no tsy nanaiky niala ka dia raikitra ny fitifirana. Voalaza ary fa maty tamin'izany ny lehilahy iray antsoina hoe Mandimbisoa ary tsy hita ny fatiny hatramin'izao. Efa nakatona moa ity toeram-pitrandrahana ity tamin'ny 12 desambra 2015, nohon'ny tsy fifanarahana teo amin'ny tompon'ny tany sy mpanofa sy noho ny trangana asan-dahalo.

*Nianona tamin'ny fitanterana ny zava-nitranga fotsiny ny* ***RADIO PLUS*** *sy* ***MaTV****. Nambaran'ny* ***RADIO PLUS*** *fa araka ny filazan'ny sasany avy ao amin'ny zanak'Androy dia misy olom-bitsy mandrangitra adim-poko. Anjaran'ny fitsarana no mandiknika ny raharaha hoy izy ireo. Notaterin'ny* ***MaTV*** *kosa fa nilatsaka ho mpanelanelana amin'izao raharaha izao ireo Ray Amandreny avy any amin'ny faritra Androy izay ahitana minisitra, loholona, solombavambahoaka sy Ray Amandreny ara-drazana. Amin'izy ireo dia zava-dehibe ny filaminana sy ny fitoniana. Tsy nitanila koa i* ***Kolo TV*** *raha niresaka ity raharaha ity fa nanome sehatra ny tompon'ny toeram-pitrandrahana sy ny mpitrandraka. Samy nanana anjara fitenenana ry zareo ka navelan'ity fahitalavitra ity ho ny mpijery no mandika izay voalaza rehefa nahazo ireo izay tsara ho fantatra rehetra. Mifanohitra amin'izany kosa ny an'ny* ***Free FM*** *satria dia tsy nihaino afa-tsy ny feon'ireo mpitrandraka ry zareo. Nanambara ary ny solotenan'ireto farany fa efa nisy ny fanaovana sonia fifanarahana teo amin'ny roa tonta. Nanaitra ny sain'ny filohampirenena ary ny mpanentana fandaharana mba handray fanapahan-kevitra, raha fanadihadiana tsotra toy ny mahazatra mantsy no hatao dia ho maty momoka toy ny raharahan'i Jean Pierre Randrianamboarina indray ity. Ny* ***RADIO ANTSIVA*** *ihany koa dia niantso ny filohampirenena halaza ny heviny. Vao maika kosa nandrangitra ny* ***VIVA*** *ka nilaza fa mananontanona ny adim-poko. Niezaka nampangina ny raharaha ireo akaiky ny Filoha kanjo nandamoka izany, hoy ihany ilay fahitalavitra. Tsy naneho hevitra kosa ny* ***TV Plus*** *kosa fa nampita ny hevitry ny tompon'ny toeram-pitrandrahana ary avy eo nandefa horonon-tsary iray mirakitra ity*

*raharaha ity navoakan'ny tranokala Madagate. Niresaka azy ity ihany koa ny* ***TVM*** *fa saingy tsy nampita afa-tsy izay voalazan'ny tompon'ny tany sy ny fiantsoan'ny Zanak'Androy ny amin'ny tokony hitonian'ny rehetra.*

**POLITIKA ANATINY**

**FIVERENAN'NY PRAIMINISTRA AN-TANINDRAZANA**

Tafaverina eto an-tanindrazana ny Praiminisitra rehefa nivahiny andro vitsivitsy tany am-pitan-dranomasina. Namory mpanao gazety izy nanomezany fanampim-pahazavana mikasika ny anton-diany. Fihaonana tamina mpiara-miombon'antoka samihafa no nataony tany ary dia notanisainy moa ireo izay efa vonona hiroso amin'ny dingan'ny fiaraha-miasa. Mikasika ny raharaha andramena izay maha voatonontonona ny anarany dia nanambara ny tenany fa tsy mbola nanondrana andramena ary tsy hanao izany mihitsy fa kosa hiady mafy hamongotra ny fanondranana izany an-tsokosoko.

*Nifantoka betsaka tamin'io tenin'ny Praiminisitra farany io ny ankamaroan'ny fandraisam-pitenenana tao amin'ny* ***RADIO PLUS*** *nandritra ny fandaharana "Demokrasia Mivantana". Tokony hiasa tokoa amin'ny famongorana ny fanondranana antsokosoko izy, hoy ny mpihaino iray, fa tsy mianona fotsiny amin'ny filazana etsy sy eroa fa manao izany. Ho an'ny mpihaino iray hafa kosa dia tokony havoaka mihitsy ny anaran'ireo lohandohany amin'ity raharaha maloto ity. Aminy dia mahafantatra ireo olona ireo avokoa ny mpikambana ao amin'ny governemanta fa tsy te hampahafantatra ny olom-pirenena fotsiny. Nanakiana mafy ny fandehanan'ny Lehiben'ny governemanta tany ivelany kosa ny* ***VIVA*** *noho izy lasa tsy an-kiteniteny nefa rehefa tafaverina dia mirehareha sy toa milaza ho manana ny vahaolana rehetra amin'ny zava-misy eto Madagasikara.*

**TOE-KARENA SY SOSIALY**

**NOFOANANA NY HETRA ACD**

Niravona ihany ny tsy fifanarahana teo amin'ny fanjakana sy ny mpandraharaha mikasika ilay hetra ACD. Nampihantona ny fangalana izany mantsy ny fanjakana. Na izany aza dia mitohy hatrany ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny roa tonta mikasika indrindra ny fanatsarana sy fanavaozana ny fotodrafitr'asa any amin'ireo seranan-tsambo eto Madagasikara, ary ihany koa ny fanamasina ny fandriam-pahalemana any amin'ireny toerana ireny. Nanamafy ary ny minisitry ny indostria, Narison Rafidimanana fa vonona hatrany hiara-miasa amin'ny sehatra tsy miankina. Nomarihiny ihany koa fa efa manomboka ny famerenana ny TVA ho an'ireo mpandraharaha voakasik'izany. Nankasitraka ny fandavan-tenan'ny fitondrana nanafoana ilay hetra ACD kosa Ramatoa Noro Andriamamonjiarisoa filohan'ny fikambanan'ny mpandraharaha ary nanome toky fa mbola vonona hatrany ry zareo hiara-miasa ho fampandrosoana ny firenena.

*Nametraka ny ahiahiny mikasika ny minisitry ny Fitanterana, ny Fizahan-tany ary any Toetr'andro ny* ***RADIO ANTSIVA****, ka nanambara fa tsy matoky ny fahafehezany sy ny fahaizany mitantana io ministera sahaniny io. Ny fisorohana mialoha ny zavatra mety mitranga hoy ity fampielezam-peo ity dia porofon'ny fahaiza-mitantana. Tsy tsinjon'ny mpitondra ny mety hitranga tamin'ny fampiharana*

*ilay ACD ka rehefa raikitra ny fifanolanana izay vao voatery nihemotra indray. Nanasongadina ny kabary mifanohitra nataon'ny minisitra kosa i* ***Kolo TV****. Tamin'ny kabariny tany aloha tokoa mantsy dia nanambara Andriamatoa Ulrich Andriatiana fa tena ilaina io hetra io mba hahafahana manatsara ny fanaraha-maso, nanontany tena mihitsy moa izy tamin'izany ny maha tonga ny olona halaina nefa mbola tsy nisy akory andrana natao. avy eo anefa andro vitsy monja taty aoriana dia nanaiky hanafoana an'ilay hetra indray. Nanararaotin'ny* ***Kolo TV*** *io nilazana fa tsy matotra mihitsy ny minisitra.*

**FANOMANANA NY FANKALAZANA NY ANDRON'NY 8 MARSA**

Mandeha ny fanomanana ny fanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy tao andrenivohitry Betsileo tao. Hakotroka tokoa ny fankalazana satria dia haharitra 5 andro be izao. Nitatitra ny fivoriana ho fanomanana izany ny **RADIO TSIRY**, ny **TNTV** ary ny **RTV SOAFIA**, fivoriana izay notarihin'ny vadin'ny Lehiben'ny Faritra Matsiatra Ambony, Ramatoa Razafindrakoto Diane. Mbola lavitra ny dingana amin'ny fanatrarana ny tanjona 50/50 ho an'i Madagasikara, na izany aza efa tafakatra any amin'ny 10% n'ny vehivavy no mitana andraikitra eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra. Maro ny hetsika hatao amin'izany toy ny fonopoam-pivavahana iraisam-pinoana, varotra fampiratiana, fijerena ny fanirin'ireo zana-kazo nambolena tamin'ny fiandohan'ny volana sy ny maro hafa.

Miomana amin'ny fandraisana ireo mpandray anjara an'arivony ihany koa ny ao Antsiranana ao. Any tokoa mantsy no nosafidian'ny fitondram-panjakana hanamarihana amin'ny fomba ofisialy ny andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy. Efa vonona avokoa ny zava-drehetra araka ny fampitam-baovaon'ny filoha sy ny tonian'ny komity mpanomana tao amin'ny **TV VARATRAZA**. Maro ny hetsika hatao amin'izany fanamarihana izany ary asaina handray anjara amin'izany ihany koa ny lehilahy.

**TOLIARY: FANANGANANA TRANO HITAHIRIZANA FANAFODY HIADIANA AMIN'NY BIBIKELY**

Notanterahina tao Betsinjaka, Toliary faha II ny fametrahana ny vato fototra amin'ny fananganana fotodrafitr'asa iray hitahirizana fanafody hiadiana amin'ny bibikely indrindra ny valala. Raha ny fanazavana nomen'ny Lehiben'ny Faritra Atsimo Andrefana, Andriamatoa Rabe Jules, dia fanafody hatrany amin'ny 112 000 litatra any ho any no ilaina hiadiana amin'ny andiam-balala izay miverimberina mandringana ny voly isan-taona ka ho tehirizina ao amin'ity toerana hatsangana ity. Hatomboka any amin'ny faritra Atsimo Andrefana ny ady amin'ny valala amin'ity taona ity satria ny toetr'andro any no tena mety amin'ny fanatodizana sy ny fahafoizan'ny valala. Nisolo tena ny fitondram-panjakana foibe tamin'izany moa ny minisitra Rivo Rakotovao, Rolland Ravatomanga, Jean de Dieu Maharante, ary Jean Anicet Andriamosarisoa. (**RADIO SITENY**)

**MISY ARETIN-DRATSY MIRONGATRA ANY TOAMASINA ANY**

Araky ny tatitry ny **FMA**, dia misy valan'aretina mirongatra indray mahazo ny mponina ao Toamasina ao. Filaharam-be eny amin'ny ivon-toeram-pitsaboana rehetra, feno hipoka ihany koa ny hopitaly ka tsy afaka nandray marary intsony. Nanaitra ny sain'ny tompon'andraikitra ary ny **FMA** mba hijery akaiky izao zava-miseho izao sy hamototra hoe inona marina ity aretina ity satria dia efa 8 amin'ny olona 10 no voany ankehitriny. Raha ny fanazavan'ny mpitsabo aloha hatreto dia hoe tifoedra vokatry

ny tanana maloto ilay izy. Ny rivotra maloto, ny fako miparitaka sy ny loto isan-karazany no voalaza fa anisan'ny mampirongatra azy.

**FOMBA FAMPITAM-BAOVAO**

"Ndao hanao dingana amin'ny fampimiràna lenta ny lehilahy sy ny vehivavy" io no lohahevitra mivoy ny fankalazana ny andron'ny 085 marsa 2016. Vahin'ny fandaharana Antsika Jiaby (RNM) ary Ramatoa Angela Samara, filohan'ny fikambanam-behivavy KB8ème sy Ramatoa Nadia Christine vadin'ny solombavambahoaka voafidy tao Maintirano ary Ramatoa Raharimalala Marie Louise vadin'ny lehiben'ny prefektora ao Maintirano. Tamin'izany no nampahafantaran'izy ireo ny fandaharam-potoana amin'ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy amin'ity taona ity any Maintirano. Nanindry manokana ny mahakasika ny fampaefana sy ny fampandraisana andraikitra ny vehivavy Ramatoa Nadia Christine raha nanamafy ny mahazava-dehibe ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy kosa Ramatoa Raharimalala Marie Louise. Farany dia nanentana ny vehivavy rehetra handray anjara mavitrika amin'ny hetsika fanamarihana ry zareo.

**Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :**
Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Honorine RAMISARIVELO : misa.ramisarivelo@eces.eu
Site web: www.incipals.eu